



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitavana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHROA
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-47

**LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2019**

Fivoriana faha-34
Natao ny
Zoma 13 Desambra 2019
- Alina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany:

- RABENIRINA Jean Jacques

- HENRI Jean Michel

FOTOANA: Zoma 13 Desambra 2017, tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, alina.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2019.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantika satria efa madiva hifarana, efa manakaiky ny amin'ny 12 ora alina, hamarana ity fotoam-pivoriana ity isika kanefa mbola tsy tonga eto ny Antenimierandoholona hitondra ny lalàna nanaovana ny "deuxième lecture". Noho izany, hiroso isika fa efa hipaika ny ora.

Miarahaba antsika tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2019, izao.

langaviana ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Mba hampalaky azy, aleo samy manonona ny laharany.

langaviana ampanajana ianao, Andriamatoa Mpitantsoratra, hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Omena anao ampanajana ny fitenenana, Andriamatoa Mpitantsoratra.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -

Andriamatoa HENRI Jean Michel

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Andininy 75:- Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandanianana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Vita, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny namakianao ny andininy faha-75 tamin'ny Lalàmpanorenana izay.

Araka ny voalaza teo aloha, ny lalàna mbola tsy tonga kanefa tsy maintsy faranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa.

- 3 -

- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -

Ramatoa FILOHA

Ramatoa Minisitry ny Fanabeazam-pirenena sy Fampiofanana ara-teknika sy ny mpiara-dia aminy;

Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, izay misolotena an'Andriamatoa Minisitry;

Ianareo rehetra solotenan'ny Governemanta;

Andriamatoa sy Ramatoa isany namana mpiara-mikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, hajaina;

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Mihamanitra ny vony, mamerovero ny voahary ary manembona ny asara, satria manatona ny vanin'andro fety, ka te-hifaly sy hiravo ny ambany lanitra.

Faly tokoa isika anio, satria nahoana; tafavoaka ny ala". Vita soa aman-tsara tokoa ny fotoam-pivoriana natrehintsika teto, na dia aza tsy fahatongavana ara-potoana mikasika ny asa tokony hataontsika. Tsy avy ato amintsika anefa izany fa avy tamin'ny Antenimierandoholona.

Koa isaorana ianareo mpanotroha izay tonga eto, satria faly koa izahay hotronina.

Raha hiroso avy hatrany amin'ny votoatin-dahateny isika ka tsiahivina fohy ny vokatra nandritra iny fotoam-pivoriana faharoa iny dia tontosa soa aman-tsara ary lany taorian'ny fanisiam-panovàna teto anivon'ny Antenimierampirena, ny Lalàna hifehezana ny Tetibolam-panjakàna amin'ny taona 2020. Iny moa no tena ivon'ny fotoam-pivoriana faharoa sy tena vaindohan-draharaha goavana araka ny Lalàmpanorenana.

Tetibola izay nanomboka nahitana marina ny fampiharana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana na ny PGE, ahafahana manatanteraka ny Drafy-pisandratan'i Madagasikara na ny PEM, araka ny fandaharan'asan'ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA.

Tsara ihany tokoa mantsy ny mampahatsiahy kely ho fanta-bahoaka ireo lafiny mampifandray ity Tetibolam-panjakana vao nolaniana ity, raha mihoatra amin'ny fototra iorenan'ny Drafy ny Fisandratan'i Madagasikara. Izany dia hita eo amin'ny lafiny ara-tsosialy, ny fitantanana ary ny toekarena; ka ny 39,57% amin'io tetibola io dia natokana ho an'ny lafiny ara-tsosialy; ny 30,3% ho an'ny seha-pamokarana ary ny 21,07% eo amin'ny sehatry ny fotodrafitrasa.

Vinavinaina ho 5,5% ny fitombon'ny harin-karena ary 6,2% ny fisondrotry ny vidim-piainana amin'ny taona 2020.

Hita tokoa arak'ireo antontan'isa ireo sy ny voarakitra ao anatiny, fa nisy fahasahiana ihany ny nandrafetana ity tetibola ity ary izay angamba ny hoe fanovàna. Noho izany, nafana ny adihevitra teto anivon'ny Solombavambahoaka talohan'ny nandaniana azy ary tonga hatrany amin'ny fanitsiana sasantsasany mihitsy aza. Izany no midika, fa tsy natao teli-moka akory na nohanina amam-bolony ny fandania azy, fa nokororohina fatratra nahitana izay tsy ho levona.

Araka ny efa nolazaina teny aloha koa, misy tanjona mazava araka ny fandaharan'asan'ny fitondram-panjakana mijoro amin'izao fotoana izao ny nandrafetana io tetibola io, ka nolanian'ny maro an'isa teto anivon'ny Antenimierampirenena izany noho ny tombotsoam-pirenena.

Ny andrasana izany manomboka amin'iny taona ho avy iny dia ny asa mahomby araka ny fampiharana io tetibola io, ka tena hisongadina amin'izany ny fanatanterahana izay nampanantenaina tamin'ny vahoaka. Noho izany, mankahery anareo mpanatanteraka izahay, fa be ny bainga mila havadika, ka hataovy lava ny lelan'angady, fa tsy mora ny asa miandry, indrindra fa eo amin'ny lafiny fotodrafitrasa sy ny lalana.

Izay ny amin'iny, fa eo amin'ny asa vita nandritra ny fotoam-pivoriana ihany dia tafapetraka soa aman-tsara teo amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena ny Tolo-pehin-kevitra mahakasika ny "Code d'éthique et de déontologie"-n'ny Solombavambahoaka. Efa vita ny asam-baomiera, ka ezahina hojerena amin'ny fotoam-pivoriana manaraka ny fanohizana ny fandinihana azy eo anivon'ny fivoriambe.

Tafiditra ao anatin'ny fandaharan'asa izay novolavolaina tany amboalohany ho fanarenana ny hasin'ny Antenimierampirenena izy iny, mba hampanan-kasin-tsara ity Andrimpanjakana manana ny maha izy azy eto amin'ny Firenena ity.

Zava-dehibe vita koa ny fanendrena ireo solotena avy ato amin'ny Antenimierampirenena ho mpikambana ao amin'ny Fitsarana Avo, mba hahafahan'io rafi-pitsarana io manao ny asany sy ho fampiharana ny andininy faha-135, andalana faha-4 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Raha aravona ny fizotran'ny fotoam-pivoriana, statistika no ilazantsika azy. Amin'ny fahavitan'ny asa rehetra dia arahabaina sy isaorana isika Solombavambahoaka tamin'ny fanatontosana ny asa teto, nihazakazaka ny fotoana. Efatra minitra no sisa kanefa isika mbola nametraka ihany amin'ny fitondrana momba ny fanatsarana ny CLD, angatahantsika mba hatao "Fonds Parlementaire d'Investissement" na FPI mba ahafahantsika Solombavambahoaka mitantana ankitsim-po sy tena hivantana tanteraka any ifotony ny fampiasana an'io vola io raha ho tonga aty amin'ny Antenimierampirenena.

Izay no lava, izay no fohy ry Solombavambahoaka namana; arahabaina isika nahavita izany asantsika izany, handeha hamonjy ny akanintsika tsirairay avy isika sady hanao ny tatitra. Koa mirary soa ho antsika rehetra ho tafaverina soa aman-tsara any amin'ny toerana niaviansika mba tsy ho azon-tsampona ary mametraka ny fotoana indray amin'ny fotoam-pivoriana manaraka na mety hisy koa ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana momba ny LFR, eo ihany ny fotoam-pivoriana amin'ny volana Mey ho avy izao.

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Ambarako fa mifarana izao fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2019 izao.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Samia hotahian'Andriamanitra, manaova fety sambatra daholo.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 58 minitra, alina, ny fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona